# FID'actus

FONDS D'INTERVENTION POUR LE DEVELOPPEMENT
www.fid.mg

n°12 • Août / Aogositra 2022




© Rado Rakotomanalina / FID


Tarehimarika ........................................................... 2
*Chiffres clés*

Tapatapany ........................................................... 4
*Brèves*

« Feno fanantenana aho ...» ........................................ 5
*« L'espoir renait en moi ...»*

Haratonaina : Miroso amin'ny fahavitan-tena ireo tokantrano nahazo tombotsoa ................................ 6-7
*Sortie des ménages bénéficiaires des filets sociaux : L'autonomie en marche*

Vaksiny miady amin'ny Covid-19 ................................. 9
*Vaccination contre la Covid-19*

Fanontaniana 3 ho an'i / *3 questions à* HERINIRINA Ted Georgio ........................................................... 10

Fisokafana sy fivoarana nomerika any Afrika ............. 12
*Désenclavement et digitalisation en Afrique*

## VATSIN'ANKOHONANA
Transfert Monétaire pour le Développement Humain (TMDH)

**152.000** familles bénéficiaires dans **22 districts** des **9 régions** de Madagascar
2016 - 2024

**170.000** enfants vont à l'école de façon régulière.
2021


**85%** des familles bénéficiaires adoptent des pratiques nutritionnelles adaptées

**60%** des bénéficiaires adoptent des pratiques agricoles plus productives et plus durables.

**80%** des enfants soutenus sont assidus dans leur scolarité.

Districts d'intervention
**ASA AVOTRA MIRINDRA**
Filets sociaux productifs (FSP)

District d'intervention
**VATSIN'ANKOHONANA ET FIAVOTA**
Transfert Monétaire pour le Développement Humain (TMDH)




## ASA AVOTRA MIRINDRA
Filets Sociaux Productifs (FSP)

**123.500** familles soutenues dans **21 districts** des **12 régions** de Madagascar
2016 - 2024

**3.000.000** d'arbres/jeunes plants produits et plus de **2.300 Ha** de surface reboisés.

**12.700 ha** Surfaces irriguées et drainées

## FIAVOTA
Transfert Monétaire pour le Développement Humain dans le Sud

**92.000** familles améliorent leur qualité de vie et renforcent leur résilience face à la sècheresse dans le Sud
2016 - 2024

**90%** des bénéficiaires ont investis dans des activités génératrices de revenus.

**85%** des bénéficiaires adoptent des pratiques nutritionnelles adaptées

**60%** des bénéficiaires adoptent des pratiques agricoles plus productives et plus durables.

# Ny tenin'ny... Tale Jeneraly

Noho ny tsy filaminana ara-politika maneran-tany sy ny vokatry ny krizy ara-pahasalamana ary ny vokatry ny fiovaovan'ny toetrandro dia miantraika mafy amin'ny mponina ireo dona ara-toekarena. Misy fiantraikany mivantana amin'ny vidin'ny ankamaroan'ireo entana ilaina andavanandro ny fiakaran'ny vidin-tsolika.
Ny faritra tena iharan'izany fisondrontan'ny vidim-piainana izany, izay tombanana eo anelanelan'ny 6 % sy 7 %, dia ireo miankin-doha amin'ny vokatra ara-tsakafo taterina avy lavitra.

Ireo mpisehatra ao anatin'ny fiahiana mpiara-belona, isan'izany ny FID, dia tsy mitsahatra miasa miaraka mba hanatsarana ireo rafitra efa misy. Miaraka amin'ireo vondrom-piarahamonina sy olom-boafidy eny an-toerana, mijery ireo vahaolana mety sy eken'ny rehetra izahay. Amin'ny fomba mangarahara sy mampiaty hatrany, vonona hatrany izahay hamondrona ireo hery velona mba ahafahana mametraka rafitra fiahiana mpiara-belona mahomby ho an'ireo tena marefo.

Ho resahana ao anatin'ity laharana faha-12 ity, ireo tetikady ampiharina mba hirosoana hatrany amin'ny ny fahavitan-tenan'ireo tokantrano mpisitraka mivoaka ireo fandaharanasa tanterahinay. Ho hita ato koa ireo vaovao mahakasika ny asanay, ireo tantaram-pahombiazan'ireo mpisitraka ary ireo tarehimarika maneho ny vokatry ny asanay. Mamakia finaritra !



**Jaona ANDRIANANTENAINA**
*Tale Jeneraly / Directeur Général*
*Fonds d'Intervention pour le Développement*

# Le mot du... Directeur Général

De par les instabilités politiques mondiales, conjuguées aux effets des crises sanitaires et climatiques, notre population subit de plein fouet les chocs économiques. La hausse du prix du carburant impacte d'une manière directe sur le coût de la plupart des produits de première nécessité. Les zones les plus touchées par cette inflation, estimée entre 6% et 7%, sont celles dépendantes des produits alimentaires livrés depuis les provinces ou les villes éloignées géographiquement.

Les acteurs de la protection sociale, dont le FID, œuvrent en permanence et en synergie pour améliorer les dispositifs existants. Ensemble avec les communautés locales et les élus locaux, nous réfléchissons à des solutions adaptées et surtout acceptées par tous. De manière transparente et toujours dans une démarche inclusive, nous avons toujours la volonté de fédérer les forces vives pour mettre aux bénéfices des plus vulnérables les meilleurs dispositifs en protection sociale.

Dans ce numéro 12, nous aborderons les stratégies adoptées pour amorcer l'autonomisation des ménages bénéficiaires sortant de nos programmes d'intervention, nos dernières actualités, les témoignages des bénéficiaires et quelques chiffres-clés relatant les résultats des différentes interventions. Bonne lecture !

# Tapatapany

**FIER Mada : nampiranty ny vokatra mampiavaka azy, ireo mpisitraka ny haratonaina**

Hanamorana ny fidirana anatin'ireo tsenam-barotra isan-karazany dia nampiranty ireo entam-bokatra mampiavaka azy ireo mpisitraka miisa ho 40 ao anatin'ny fandaharanasa *Vatsin'Ankohonana* sy *Asa Avotra Mirindra* nandritry ny FIER Mada. Izany dia sehatra iray ahafahan'ireo mpisehatra samihafa momba ny toekarem-pirenena eny ambanivohitra mifanakalo. Nahafahan'ireo mpisitraka nanana fifandraisana vaovao ho fampivoarana ny seha-pihariany koa izany. Notanterahina ny 01 hatramin'ny 08 aogositra lasa teo tetsy amin'ny kianja Maki Andohatapenaka – Antananarivo ny andiany faha-23 amin'ny FIER Mada.

**Fanarenana sy fanorenana: Vita ny asa ho an'ny sekoly taorian'ny rivodoza sy ny andro ratsy**

Taorian'ny fandalovan'ny rivodoza Belna tamin'ny desambra 2019, dia fotodrafitrasa fototra maromaro no simba, Ankehitriny dia vita ny asa fanarenana sy fanorenana ny CEG Bealanana. Mpianatra efa ho 250 no hahazo tombontsoa mivantana amin'ireo fotodrafitrasa ireo ary ahitana mpianatra vaovao maherin'ny 160. Ankoatra ny asa fanarenana dia nahazo fitaovaona vaovao ihany koa ny sekoly toy ny dabilio ho an'ny mpianatra sy ny mpampianatra. Hitandroana hatrany ny fahadiovana sy fidiovana dia namboarina ihany koa ny lavadrano ary paompin-drano.

Mitohy ny asa any amin'ny faritra Sofia amin'ny fanarenana ny sekoly ambaratonga fototra sy voalohany ka mpisitraka mihoatra ny 2.000 no handray tombontsoa avy amin'izany.

**Tetikasa Haratonaina : Atrikasa fifampizarana teo amin'i Madagasikara sy ny Nosy Kaomoro**

Nandritra ny atrikasa teknika natao tany amin'ireo Nosy Kaomoro, ny 28 jolay ka hatramin'ny 01 aogositra lasa teo, dia nifampizara ireo traikefa ananany ireo ekipa miasa ao anatin'ny tetikasa Haratonaina avy eto Madagasikara sy ny Nosy Kaomoro. Voaresaka tao anatin'izany ireo fanatsarana sy fanavaozana ny paikadim-pirenena momba ny fiahiana sosialy tokony atao eto Madagasikara sy ny fanatsarana ny fanatanterahana ny tetikasa Haratonaina izay mbola hitohy hatramin'ny taona 2024.

# Brèves

**FIER Mada : les bénéficiaires exposent les produits de leur terroir**

Pour faciliter l'accès de ses ménages bénéficiaires aux marchés, une quarantaine de bénéficiaires de *Vatsin'Ankohonana* et *Asa Avotra Mirindra* ont pu exposer les produits de leur terroir à la FIER Mada. Il s'agit d'une plateforme d'échanges annuelle entre les différents acteurs de l'économie rurale. Les bénéficiaires ont pu nouer de nouvelles relations bénéfiques au développement de leurs activités. La 23ème édition de FIER Mada s'est tenue du 01 au 08 Août au Stade Maki Andohatapenaka – Antananarivo.

**Reconstruction et réhabilitation : Réception des travaux pour les écoles à la suite des cyclones et intempéries**

Viennent d'être réceptionnés les travaux de reconstruction et de réhabilitation du CEG Bealanana, endommagé suite au passage du cyclone Belna en décembre 20219. Près de 250 élèves bénéficieront directement de ces infrastructures dont plus de 160 nouveaux élèves. Les nouvelles infrastructures ont été dotées de bancs pour les élèves et de bureaux pour les enseignants. Pour améliorer l'accès à l'hygiène, des latrines, des puits et des pompes à eau ont également été rendus disponibles.

Les travaux continuent dans la région de Sofia pour la reconstruction des lycées et écoles primaires publics. Près de 2.000 personnes bénéficieront de ces travaux.

**Filets sociaux de sécurité : Atelier d'échange et de partage entre Madagascar et les îles Comores**

Mettant en œuvre un projet de Filets Sociaux de Sécurité, les équipes de travail de Madagascar et des îles Comores ont partagé leurs expériences durant un atelier technique dans les îles Comores du 28 juillet au 01 août. Ces partages ont permis d'identifier des pistes d'amélioration non seulement pour la mise à jour à venir de la Stratégie Nationale de Protection Sociale à Madagascar mais aussi pour la mise en œuvre du projet Filets Sociaux de Sécurité pour les années 2022 à 2024.




« Feno fanantenana aho ankehitriny fa hitako mihatsara ny fiainanay ! »

*« L'espoir renait en moi car je perçois le progrès de notre vie familiale ».*

**Marie Louise Rasolomanana**

*Mpisitraka / Bénéficiaire MIJORO*

*Ambodihady, Antananarivo*

Manasa lamba sy mitaona biriky no asa fiveloman'i Marie Louise hatramin'izay. Sarotra ny fiainan'ny ankohonany. Amin'ny alalan'ny fisitrahany ny fandaharanasa Mijoro dia nitombo ny fahalalany amin'ny fanatsarana ny fiainan'ny ankohonana.

Mamboly ovy miaraka amin'ireo mpisitraka namany amina saha iombonana izy. Efa mahay mitantana vola koa ankehitriny izy ary efa miroso amin'ny asa fiompiana akoho sy kisoa.

*Marie Louise Rasolomanana, 45 taona manan-janaka dimy. Fokontany Ambodihady, Antananarivo.*

Marie Louise travaille comme lavandière et manutentionnaire de briques pour faire vivre sa famille. La vie de sa famille était difficile. Avec le programme Mijoro, elle a pu acquérir un ensemble de soutien et de savoir-faire pour augmenter ses revenus et faire progresser le bien-être de sa famille.
Aujourd'hui, elle participe au développement du jardin communautaire de son quartier en cultivant des pommes de terre. Avec ses connaissances et sa volonté d'épargner, Marie Louise investit également dans l'élevage de poulet et de porc.

*Marie Louise Rasolomanana, 45 ans mère de cinq enfants. Fokontany Ambodihady, Antananarivo.*

# **Haratonaina :** Miroso amin'ny fahavitan-tena ireo tokantrano nahazo tombotsoa

*Voahangona ny vokatra, mifatotra ny entana... mpisitraky ny Vatsin'Ankohonana sy Asa Avotra Mirindra eo amin'ny efapolo eo no miomana ny hanainga handray anjara amin'ny Fier-Mada 2022. « Tongasoa Ramose, mandroso Madama ! Ireto ny trondro maina avy any Toliara. Matsiro sy matavy tsara izy ireo ! » toy izany no hisarihan'i Flavienne ireo mpividy. Noho ny Vatsin'Ankohonana, afaka mivarotra ireo vokatra avy any aminy ankehitriny ity mpisitraka ity.*



Une bénéficiaire de Asa Avotra Mirindra, Antanifotsy, à la FIER-Mada
Mpisitraka ny Asa Avotra Mirindra avy any Antanifotsy, tonga eto amin'ny FIER-Mada

© Sitraka Randrianjatovonarivo / FID

**Mankany amin'ny fampiatiana ara-toekarena.** Ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona dia manohana ny fampiatiana ara-toekaranan' ireo ankohonana mpisitraka. Ny fifandraisana amin'ny tsenam-barotra dia manome fahafahana azy ireo hampitombo ny fidiram-bolany sy ny fananany. Noho ireo fiofanana ara-teknika miaraka amin'ny fanabeazana ara-bola sy ny fahazoana famatsiam-bola madinika (amin'ny alalan'ny Vondron'Olona An-toerana miara-MAnao tahiry sy MIfampindram-bola na VOAMAMI) dia afaka manangana foto-pivelomana maharitra ireo mpisitraka.

**Tosika hoan'ny fampivoarana tetikasa madinika.** Ny tosika fihariana dia manamafy ihany koa io fampiatiana io. Izany dia natao ho an'ireo tokantrano mpisitraka rehefa hivoakan'ireo fandaharanasa haratonaina ary manome fahafahana azy ireo hanatanteraka asa miteraka loharanom-bola vaovao. 80 % an'ireo tokantrano mpisitraka ny *Asa Avotra Mirindra* ary 67 % ho an'ny *Vatsin'Ankohonana* sy *Fiavota* no nisafidy ny hampiasa ny tosika fihariana ho an'ny fiompiana. Mahaliana ireo mpisitraka ihany koa ny asa fambolena (19 % ho an'ny *Vatsin'Ankohonana* sy *Fiavota* raha 10 % ho an'ny *Asa Avotra Mirindra*). Manaraka azy avy eo ny asa-tànana sy ny varotra. Mihoatra ny 126.000 tokantrano no nahazo tosika fihariana.

**Tetikady hanohanana ny fahavitan-tena.** Misy ny tetikady novolavolaina hiantsorohana ny fivoahan'ireo mpisitraka an'ireo fandaharanasa haratonaina sy hanamafisan'orina ireo vokatra azo. Manomana azy ireo hahavita tena rehefa mifarana ny fandaharanasa izany. Koa nampiana izy ireo hamantatra sy hanatanteraka tetikasa madinika ary indrindra hijery lalam-barotra sy fiaraha-miasa samihafa. Nahazo fitaovana isan-karazany sy masom-boly ihany koa izy ireo.

**Manova ny haratonaina.** « *Tamin'ny Vatsin'Ankohonana dia nianatra nanao tahiry, namaritra tanjona ary nanatanteraka izany aho.* » hoy Antoinette, mpisitraka avy any Antetezambaro. « *Afaka nahita tanàna maro, nifanakalo tamin'ny hafa ary nahita zava-baovao aho. Tena nampivelatra ahy izany !* » hoy i Constance, mpisitraka hafa avy any Manakara. Manamafy kosa i Menja avy ao Ankazoabo « *Tsy mitsahatra ny mianatra zava-baovao aho. Taty amin'ity foara ity izao dia nianatra fomba fivarotana vaovao !* ». Ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona dia manana hery manova. Manome fahafahana ny olona marefo ho lasa mpikambana mamokatra eo anivon'ny fiarahamonina sy hampivoatra ny fototra maha olona.

# Sortie des ménages bénéficiaires des filets sociaux : L'autonomie en marche

*Produits rassemblés, sacs ficelés... une quarantaine de bénéficiaires de Vatsin'Ankohonana et de Asa Avotra Mirindra s'apprêtent à prendre la route pour participer à la Fier-Mada 2022. « Bienvenu Monsieur, entrez Madame ! Vous avez ici les poissons séchés de Toliara. Ce sont les meilleurs, ils sont bien charnus. Venez acheter ! » avance Flavienne pour séduire la clientèle. Grâce à Vatsin'Ankohonana, cette bénéficiaire peut aujourd'hui commercialiser des produits de son terroir.*




© Sitraka Randrianjatovonarivo / FID

*De Toliara à Manakara, les bénéficiaires sont ravies de participer à la foire*
*Na ny avy any Toliara hatrany Manakara, samy faly ireo mpisitraka noho ny fandraisana anjara*

**Vers l'inclusion économique.** Les programmes de protection sociale soutiennent l'inclusion économique des ménages bénéficiaires. En se connectant à des réseaux de marché, les bénéficiaires ont l'opportunité d'augmenter leurs revenus et leurs actifs. Grâce aux formations techniques combinées avec une éducation financière et un accès à des petits financements, via les Associations Villageoises d'Epargne et de Crédit ou AVEC, les bénéficiaires se constituent des moyens de subsistance durables.

**Un soutien au développement de petits projets.** Un fonds de soutien renforce également cette inclusion. Il est attribué aux ménages bénéficiaires à la sortie des programmes de filets sociaux et leur offre l'opportunité de développer des activités génératrices de revenus. 80 % des ménages bénéficiaires de Asa Avotra Mirindra et 67 % de Vatsin'Ankohonana et de Fiavota ont choisi d'investir leur fonds de soutien dans l'élevage. Les petits projets d'agriculture sont ensuite ceux qui intéressent les bénéficiaires (19 % pour Vatsin'Ankohonana et Fiavota, 10 % pour Asa Avotra Mirindra), suivis par l'artisanat et le commerce. Plus de 126.000 ménages en sortie ont été dotés de fonds de soutien.

**Des stratégies pour amorcer l'autonomisation**. Les stratégies de sortie des programmes de filets sociaux ont été développées pour maintenir les résultats positifs obtenus. Elles préparent les bénéficiaires à devenir autonomes une fois les programmes achevés. Elles se traduisent par leur accompagnement dans l'identification et la réalisation de leurs petits projets ainsi que la mise en lien avec des marchés et partenaires professionnels. Des packs de sortie, incluant petits matériels, outillages divers et semences, sont également octroyés aux bénéficiaires.

**Les filets sociaux comme transformateurs.** « *Avec* Vatsin'Ankohonana, *j'ai appris à épargner, à me fixer des objectifs puis à les réaliser.* » raconte Antoinette, une bénéficiaire à Antetezambaro. « *J'ai pu voir différentes localités, faire des rencontres et des découvertes. Cela m'a vraiment épanouie !* » ajoute Constance, une autre bénéficiaire à Manakara.

Et à Menja d'Ankazoabo de soutenir « *Je ne cesse d'apprendre avec* Asa Avotra Mirindra. *En venant à la foire, j'ai appris de nouvelles techniques de vente !* ».

Les programmes de protection sociale ont ce pouvoir transformateur. Ils permettent aux populations vulnérables de devenir des membres productifs de la société et d'enrichir leur expérience humaine.

# Vaksiny miady amin'ny Covid-19

## Fanentanana eny ifotony ho fihatsaram-piainan'ny rehetra



© Rado Rakotomanalina / FID

*Ny fahasalamana dia ivon'ny fampandrosoana ary azo raisina ho antoka manatsara ny fotokarena maha olona. (Schultz, 1961 ; Becker, 1962 ; Grossman, 1972a).*

Ny fahasalamana dia singa fototra lehibe ho an'ny fampandrosoana ary antoka manatsara ny fotokarena maha olona. Manoloana ny valanaretina Covid-19, manan-danja tokoa ny fanentanana ireo mpisitraka an'ireo fandaharanasa haratonaina fiahiana mpiara-belona, hanao vaksiny. An-tsitra-po ary maimaim-poana ho an'ny rehetra ny fanaovana ny vaksiny .
Nanamora ny fisitrahan'ireo ankohonana ny vaksiny ny fametrahana ireo toby fanaovam-baksiny manakaiky azy ireo. ... Ankehitriny, raha tsy hitanisa afatsy ny faritra Anôsy sy Matsiatra Ambony, efa mahatratra 47% sy 57% ny tahan'ireo mpisitraka vita vaksiny miady amin'ny Covid-19.
*« Nanome toky sy nahatony anay ny fanentanana azonay manoloana ny tsaho miely manodidina ny Covid-19 sy ny fanaovana vaksiny. Resy lahatra ary efa vita vaksiny izahay izao ka afaka mihatrika kokoa ny zava-misy ! »*
hoy Fabien sy Cynthia – Mpisitraka ny *Mijoro* - Ambodihady Ambohimanarina.

### Vaccination contre la Covid-19

### La sensibilisation communautaire pour le mieux-être de tous

*La santé constitue un ingrédient central du développement en ce qu'elle peut être considérée comme un investissement en capital humain. (Schultz, 1961 ; Becker, 1962 ; Grossman, 1972a).*

Elément fondamental du développement, la santé est considérée comme un investissement en capital humain. Face à la pandémie de la Covid-19, la sensibilisation des bénéficiaires des programmes de filets sociaux de sécurité à se faire vacciner s'avère nécessaire. Cette vaccination est toutefois effectuée sur une base volontaire et gratuite pour tous. Des sites de vaccination ont été mis en place pour permettre aux ménages bénéficiaires de recevoir les soins à proximité. Actuellement, pour ne citer que dans les régions Anôsy et Haute Matsiatra, respectivement 47% et 57% des bénéficiaires sont vaccinés contre la Covid-19.
*« Les séances de sensibilisation nous ont rassurés quant aux rumeurs circulant autour de la Covid-19 et des vaccins. Nous nous sommes alors faits vacciner. Cela nous rend sereins pour l'avenir ! »* confient Fabien et Cynthia – Bénéficiaires de Mijoro - Ambodihady Ambohimanarina.




*Le FEFFI de l'EPP Sahamena en festivité pour célébrer la construction scolaire*
*Ny FEFFI eto amin'ny EPP Sahamena maneho ny hafaliany noho ny fahavitan'ny trano fianarana*

***Fanamboarana trano sekoly : « Mitondra fahombiazana betsaka ho an'ny mpianatra sy ho an'ny ray aman-dreny ny fitantanana ny vondrom-piarahamonina»***

Fahavononana, hafanam-po, rehareha, ireo no hita teo anivon'ny fokonolona *« Farimbon'Ezaka ho Fampandrosoana ny Fampianarana Ifotony »* FEFFI* tao amin'ny Fokontany Sahamena, ao amin'ny kaominina ambanivohitra Soaindrana, Distrikan'i Vohibato.

*« Raha 15% monja ny fahombiazana tamin'ny CEPE taloha, nahatratra 76% izany ny taom-pianarana 2021-2022. Resy lahatra izahay fa nanampy be tamin'izany fandresena izany ny nahazoana hefitrano vaovao. Ny fiarahamonina rehetra mihitsy no nahazo tombony. Ireo fanofanana mahakasika ny fandaminana sy ny rindram-piarahamonina dia nanamafy ny firaisan-kinan'ireo ray aman-dreny. Ampiharinay amin'ny andavanandrom-piainanay ihany koa izay nianaranay mikasika ny fitantanam-bola. »* araky ny fanazavan'i Sylvie Aimée Claudia RASOARIMALALA, mpampianatra ao amin'ny EPP SAHAMENA. Ao anatin'ny tetikasa fanohanana ny fanabeazana fototra (PAEB), tetikasa izay tanterahin'ny FID hiantsorohana ireo vondrom-piarahamonina, nomena fahefana ny fokonolona hanatanteraka ny fanorenana ireo trano sekoly.

**Ny FEFFI dia vondron'olona mitantana ny sekoly, izay ahitana ireo mpisehatra rehetra eo amin'ny fanabeazana eo an-toerana (ray aman-drenin'ny mpianatra, vondrom-piarahamonina, mpampianatra, mpisehatra eo an-toerana) mba hiantohana ny kalitaon'ny fampianarana sy ny fitantanana tsara.*

***Construction de salles de classe - « La gestion communautaire apporte autant de succès pour les élèves que pour les parents. »***

Motivation, enthousiasme, fierté, étaient aperçus au sein de la communauté *« Farimbon'Ezaka ho Fampandrosoana ny Fampianarana Ifotony »* FEFFI* du Fokontany Sahamena dans la commune rurale de Soaindrana, District de Vohibato.

*" Avant nous n'avions que 15% de réussite à l'examen du CEPE, pour l'année scolaire 2021-2022, nous avons atteint les 76%. Les nouvelles salles de classe ont contribué à cette victoire. Notre communauté toute entière a bénéficié des avantages du Projet. Les formations sur l'organisation et la dynamique communautaire ont renforcé la cohésion et la solidarité de parents. Nous appliquons ce que nous avons appris sur la gestion financière dans notre vie quotidienne. "* a souligné Sylvie Aimée Claudia RASOARIMALALA, enseignante à l'EPP SAHAMENA. Dans le cadre du Projet d'Appui à l'Education de Base (PAEB), un projet pour lequel le FID est l'Agence d'accompagnement, les communautés ont été responsabilisées pour mettre en œuvre les constructions scolaires dans leur localité.

**Les FEFFI sont des comités de gestion des établissements scolaires impliquant tous les acteurs éducatifs locaux (parents d'élèves, communautés, enseignants, acteurs locaux) pour assurer la qualité de l'éducation et la bonne gouvernance des établissements.*

**Fanontaniana 3 ho an'i**
*3 question à*

# HERINIRINA Ted Georgio

*Mpamboly, mpikambana ao amin'ny komity mpiahy ny mpiara-belona*
*Agriculteur, membre du comité de protection sociale dans le District d'Amboasary,*

## 1

**Ao anatin'ireo fandaharanasa fiahiana mpiara-belona tanterahin'ny FID dia misy ny komity mpiahy ny mpiara-belona na « CPS ». Inona marina moa no atao hoe CPS ary ahoana no fomba hifantenana ireo mpikambana ao aminy ?**

Ny CPS dia vondron'olona miasa an-tsitrapo izay mandray anjara amin'ny fanatanterahana ny fandaharanasa. Ireo mpikambana ao amin'ny CPS dia notendren'ny fokonolona. Miisa 4 hatramin'ny 8 ny mpikambana ao anatin'ny ny komity iray, arakaraky ny haben'ny fokontany. Ireo dia olona heverina fa manana fitondran-tena mendrika eo anivon'ny fiarahamonina toy ny raiamandreny ara-drazana, ny mpiasa eny anivon'ny mpiara-belona, ny olom-pinoana, ny solontenan'ny fokontany, ny solontenan'ny mpampianatra, ny mpikambana amin'ny fikambanana mpanao asa soa... Ho an'ny *Fiavota*, dia eo amin'ny 4 ka hatramin'ny 5 no isan'ny mpikambana isaky ny toby iray ary mahatratra 2.900 eo ho eo ny mpikambana CPS aty amin'ny faritra Androy sy Anôsy.

Dans le cadre des programmes de protection sociale mis en œuvre par le FID, des Comités de Protection Sociale ou CPS ont été mis en place.
De quoi s'agit-il exactement et




© Manda Andriamampianina / FID Taolagnaro

comment les membres sont-ils sélectionnés ?

Le CPS est un groupement de bénévoles qui contribue à la réalisation du programme. Les membres du CPS sont désignés par la communauté. Un comité est composé de 4 à 8 membres selon la taille du fokontany. Il s'agit de personnes réputées comme ayant une bonne moralité au sein de la communauté telles que les notables, les agents communautaires, les personnalités religieuses, les représentants du fokontany, les représentants de l'enseignement, les membres des associations de bienfaisance... Ces personnes sont ainsi désignées sur la base de leur connaissance des membres de la communauté. Pour *Fiavota*, en moyenne, il y a 4 à 5 membres dans chaque site et on compte, au total, près de 2.900 membres de CPS dans les régions d'Androy et d'Anôsy.

## 2

**Inona no andraikitry ny CPS amin'ny fanatanterahana ny fandaharanasa fiahiana mpiara-belona ?**

Ny CPS dia manampy amin'ny fanatanterahana ny fandaharanasa amin'ny dingana maro, manomboka amin'ny fitiliana sy fanoratana anarana ireo mpisitraka ka hatrany amin'ny fanomezana ny vatsy. Betsaka ny asa sahaninay. Mandritra ny fankatoavana eny ifotony ohatra, dia manamarina ny mombamomba ny tokantrano iray izahay, araka ireo sivana hamaritana ny faharefoana, ary mampafantatra ny masoivoho mpanatanteraka raha azo ampidirina ao amin'ny lisitra ofisialin'ireo

mpahazo tombontsoa amin'ny fanfaharanasa izy. Amin'ny maha CPS anay dia manana anjara toerana lehibe amin'ny fanampiana sy fanomezana torohevitra ny fiarahamonina ihany koa izahay. Ny CPS no mifandray mivantana amin'ny vondrom-piarahamonina sy ny mpisitraka eny ifotony. Raha sendra misy tranga manahirana na tsy mahazatra dia izahay no manao tatitra na mandamina izany. Tranga mateti-piseho ohatra ny fisian'ny mpisitraka mitovy anarana amina sity roa samy hafa. Izahay mpikambana ao amin'ny CPS no manamarina haingana ny mombamomba ireo olona ireo sy ny toerana tena misy azy. Amin'ny maha-mpikambana ao amin'ny CPS anay dia mandrindra ny filan-kevitra na fitarainana izahay.

## Que sont les rôles des CPS dans la mise en œuvre des programmes de protection sociale ?

Le CPS appuie la mise en œuvre du programme dans différentes phases, du ciblage aux transferts en passant par l'enregistrement des ménages bénéficiaires. Les tâches qui nous sont assignées sont multiples. Durant la phase de validation communautaire, par exemple, nous vérifions les informations d'un ménage, suivant les critères éligibles de vulnérabilité, et avisons les agences d'exécution s'il peut être inclus dans la liste officielle des bénéficiaires du programme.

En tant que CPS, nous jouons également un rôle important dans l'assistance et le conseil aux communautés. Les membres sont les premiers interlocuteurs des communautés locales et des bénéficiaires. Notre présence permet de signaler ou de régler des actions ou situations irrégulières. Il existe, par exemple, des cas fréquents où des bénéficiaires portent les mêmes noms sur deux sites d'intervention. Les membres du CPS peuvent confirmer rapidement la situation de ces bénéficiaires et leur réel lieu de résidence. En tant que membres de CPS, nous gérons et enregistrons les demandes d'assistance ou de plaintes.

# 3

## Inona no tombony noho ny fisian'ny mpikambana CPS amin'ny fanatanterahana ny fandaharanasa ?

Ny CPS dia mandray anjara feno amin'ny fampandehanana ny fandaharanasa. Ampahafantarinay ny mpisitraka ny fotoana sy ny toerana hanomezana ireo vatsy. Mandray anjara amin'ny fandaminana ireo mpisitraka ihany koa izahay mandritra ny fitakaram-bola, tahaka ny fampanajàna ny elanelana iray metatra nandritra ny vanim-potoanan'ny coronavirus. Mandray anjara amin'ny fanomanana ny hetsika karakarain'ny FID toy ny fandraisana ny tompon'andraikitra, ireo mpiara-miombon'antoka, ireo mpanao gazety, sns. Heveriko fa tombony lehibe amin'ny fanatrarana ny tanjon'ny fandaharanasa ny fisian'ny CPS.

## Quelle est la plus-value pour un membre du CPS dans la mise en œuvre des programmes ?

Les CPS contribuent à la bonne marche du programme. Nous informons les bénéficiaires de la date et du lieu de transfert. Nous participons à l'organisation des bénéficiaires lors du paiement, pour le respect des règles d'hygiène en période de coronavirus. Nous intervenons aussi dans la préparation des évènements organisés par le FID comme l'accueil des autorités, des partenaires, des journalistes, etc. Je pense que la présence des CPS est un atout majeur dans l'atteinte des objectifs du programme.

# Fisokafana sy fivoarana nomerika any Afrika

Tsy azo adika amin'ny faritra iray mankany amin'ny faritra hafa ny maodelin'ny fampandrosoana sy ny fivoaran'ny haitao ara-kajy mirindra. Samy manana ny toe-javatra sy ny filàny samy ihafa avy ny faritra tsirairay, tsy kapoka iray avokoa ny ato amin'ny kaontinanta Afrikana. Manomboka any Cap hatrany La Galite, avy any Cap Vert hatrany amin'ny nosy Maorisy dia, samy manana ny mampiavaka azy ny faritra tsirairay.

Anisan'ny itovizan'ireo faritra ireo ny fahitana fa ny ankamaroan'ny mponina dia miaina any ambanivohitra ka mivelona amin'ny asa fambolena sy mambony ary miasa amin'nysyary anatin'ny sehatra tsy ara-dàlana. 85%' ny mponina dia miaina any amin'ny tontolo ambanivohitra. 15% hatramin'ny 35 % isan-jaton'ny'ny harin-karena faoben'ny firenena afrikanina dia mifototra amin'ny fambolena, arakarakiyn'ny faritra, ary mampiasa 65 % ny olona afaka miasa. Mitombo hatrany ny sehatra tsy ara-dalàana saingy ary ambany anefa ny fidiram-bola eo anatrehan'ny tahan'ny tsy fananana asa. Sarotra ary tsy azo heverina akory ny fahombiazan'ny fiovana ara-nomerika any Afrika, raha tsy jerena akaiky ny mahakasika an'io ny mponina avy any ambanivohitra, tanora sy manombana lavitra io.



Hita fa ny ankamaroan'ny faritra any ambanivohitra dia saro-dalana. Ilaina aloha ny manao izay hahafahana miditra any vao afaka mieritreritra ny fivoarana ara-teknolojika. Tsy azo lavina ny tsy fahampian'ny lalana sy ny fitaovam-pitaterana na eo amin'ny fifanakalozana ao anatin'ny tontolo ambanivohitra na eo amin'ny faritra an-tanan-dehibe sy ny ny any ambanivohitra. Porofon'izany ny vidin'ny entana avy any amin'ny faritra ambanivohitra. Ny fametrahana fitaovana ara-teknolojika, izay mamela ny mponina any ambanivohitra hiditra amin'ny tontolo nomerika, dia tsy ho azo tanterahina raha tsy mampiasa vahaolana mifandraika aminy.

Ireo fandaharanasa fampiasam-bola amin'ireo toe-karena mifototra amin'ny asa eny amin'ny tontolo ambanivohitra dia tokony amporisihin'ny rafi-panjakana miandraikitra ny fitantanana sy ny fampandrosoana ary ny mpisehatra tsy miankina.

# Désenclavement et digitalisation en Afrique

Le modèle de développement tout court et celui de développement technologique ne peut se copier d'une région à une autre. Chaque région a un contexte et des besoins bien différents, l'Afrique n'est pas un continent homogène. Du Cap à La Galite, du Cap Vert à l'Ile Maurice chaque région a ses caractéristiques.

Parmi les choses que toutes ces régions ont en commun, on observe que la grande partie de la population est rurale et que son économie est fortement agricole et informelle. 85% de la population vit en milieu rural. L'agriculture représente 15 à 35% du PIB des pays d'Afrique selon les zones et elle emploie 65% de la main d'œuvre. Le secteur informel est très accru mais avec de très faibles revenus, en marge de taux de chômage. Il est difficile voire impensable d'envisager le succès de la transformation digitale en Afrique, sans prendre en compte la dimension de cette population rurale jeune et ambitieuse.

Force est de constater que la majorité des territoires en milieu rural est difficile d'accès. Il faut d'abord songer à effectuer un désenclavement tout court pour ensuite l'envisager technologiquement. On constate une insuffisance irréfutable voies de communications et de moyens de transport tant au niveau des échanges intraruraux qu'à ceux entre zones urbaines et rurales. Le coûut des marchandises en provenance des zones rurales en est une preuve. Le déploiement des équipements technologiques qui permettront aux populations en zone rurale d'accéder au digital ne sera possible qu'en utilisant des solutions adaptées.

Des programmes d'investissement au sein des économies fondées sur les secteurs d'activités en zone rurale se doivent d'être encouragés, aussi bien par les structures gouvernementales en charge de leur gestion et développement que par des acteurs du privé.

*Source : lifemag-ci.com*